# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Oktobra 2020

# 27 Talata oktobra

**Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra.** Jaona 3. 3

**Fa izay rehetra nandray Azy *(nandray an'i Jesosy)* dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany.** Jaona 1. 12

## Ateraka fanindroany

Ny aina ara-batana avy amin'ny ray aman-dreny, ny masombatana, ary ny fahiratan-tsaina dia mahatonga antsika hahay hamantatra Ilay Andriamanitra Mpahary ao amin'ny antsointsika hoe ny voary, na „ny zavatra nataony" (Romana 1. 20) ; ireo „zavatra" ireo dia miresaka amintsika avy amin' Andriamanitra (Salamo 19. 1-3). Raha tsy izany dia tsy ho afaka manana fifandraisana aminy isika, satria mpanota. Tsy manan-danja na kely akory aza ny ezaka rehetra ataontsika : fikasana tsara, asa soa, endrika sy fombafomba ara-pivavahana, tsy misy manan-danja mba hanefana ny trosan'ny fahamelohantsika sy mba hahazoantsika manatona Azy, Izy Ilay Andriamanitra masina.

Nefa tonga tetỳ an-tany Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, mba hiresaka mivantana amintsika, mba hanambara amintsika ny vaovao mahafaly, dia ny Filazantsaran'ny Fanjakan'Andriamanitra (Marka 1. 15). Lazainy antsika fa ao amin'io fanjakana io no itoeran'ny „fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina" (Romana 14. 17). Koa ahoana àry no hahazoantsika miditra ao amin'io fanjakana io, nefa ny toetra maha mpanota antsika dia manakana antsika tsy hiditra ao amin'ny sehatr'Andriamanitra ?

Tsotra ny valiny : amin'ny fahateraham-baovao, araka ny nolazain'i Jesosy hoe : „Tsy maintsy hateraka indray ianareo" (Jaona 3. 7). Rehefa mandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjiny ny olona iray, dia omen'Andriamanitra izany aina ara-panahy izany. Manomboka eo io olona io, satria nanjary mpino, dia „mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra" (2 Petera 1. 4), manana ny fiainana mandrakizay, ary manjary zanak' Andriamanitra. Noho izany, Jesosy Izy tenany mihitsy dia tsy menatra hiantso antsika hoe rahalahiny (Hebreo 2. 11).

Koa ny fanontaniana tokony hapetraky ny tsirairay amin'ny tenany dia hoe : Tena efa nateraka indray ve aho ?